«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)

FJKM

# MARTURIA VAVOLOMBELONA

Alakamisy 02 Aprily 2026 Gazetim-bahoaka miseho isa-tapa-bolana Vidiny: 1.000 Ariary Laharana-1014

## MPANDRESY NY TOMPO

TSITIALAINGA

## PASKA SY FIAINAM-BAOVAO

Ao anatin'ny tontolo feno korontana, ady ary herisetra miseho manerantany, maro no very fanantenana sy kivy amin'ny ho avy. Ny feon'ny basy sy ny ranomaso dia toa mandrakotra ny feon'ny fandriampahalemana. Na izany aza, mitondra hafatra lalina sy maharitra ho an'ny olombelona ny Paska: hafatry ny fandresena, fiainam-baovao ary fanantenana tsy mety levona.

Ny Paska dia mampahatsiahy antsika fa na dia eo aza ny fijaliana sy ny fahoriana, dia misy hatrany ny fahazavana aorian'ny haizina. Nitsangana tamin'ny maty i JESOA KRISTY, ary izany no mariky ny fandresen'ny fiainana amin'ny fahafatesana, ny fitiavana amin'ny fankahalana. Io no manome hery antsika hino fa tsy farany ny ady sy ny herisetra, fa azo ovaina amin'ny alalan'ny finoana an'i JESOA ILAY NANDRESY NY FAHAFATESANA sy ny asa tsara.

Eo anatrehan'ny zava-misy sarotra, ny hafatry ny Paska dia miantso antsika ho mpitondra fiadanana, ho mpandray andraikitra amin'ny fampitsaharana ny herisetra, ary hanangana tontolo mirindra kokoa. Tsy maintsy manomboka amin'ny fontsika ny fiovana: amin'ny famelan-keloka, fitiavana ary firaisankina.

Hoy ny Soratra Masina: " ***hoy i Jesoa taminy : Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray.*** " Jaona 11:25

Amin'izao Paska izao, aoka isika tsy ho resin'ny tahotra, fa hanana fanantenana sy finoana, satria ny olona manao ny marina no ho velona sy handresy.

*Mpitandrina Dr. Rakotonindrainy Jaona*

Fiadanana e ! Ny androbe na epilepsie no resahina androany. Mety manaranaka na



mety tonga ho azy tsy fantatra ny antony. Mety mafana hoditra be na tsia; mifanintona ny marary sady tsy mahatsiaro tena, mivoaka farorabava, maharitra segondra vitsy na minitra vitsy na maromaro izany. Fadio ny manome zavatra hohanina na rano mandritra ny krizy, ary hoento mamonjy dokotera haingana ny marary mba hahazo fitsaboana sahaza.

# NY HAFATRA ENTIN'NY PASKA

**Fitarihanteny**

Ny teny hoe « paska », teny grika hoenti-milaza fetim-pivavahana lehibe teo amin'ny Hebreo na jiosy ankehitriny. Fety fankazalana ny nanafahan'Andriamanitra ny firenena Isiraely tamin'ny



fanandevozana nataon'ny Egyptiana tamin'ny taonjato XIII talohan'i Jesoa Kristy. Tsarovana isan-kerinandro amin'ny andro Sabata, fa ny isan-taona no tena malaza. Ny teny hebreo hoe: "**pasah**" no nadika hoe "paska" ka ny heviny ara-bakiteny dia "**Fandalovana**".

**I- Paska fandalovan'Andriamanitra mitondra famonjena ny olony**

Hoy Jehovan(YHWH) tamin'i Mosesy momba ny alin'ny Paska voalohany tany Egypta : hamakivaky ao amin'ny tany Ejipta aho amin'io alina io, ka hamono ny lahimatoa rehetra ao aminy manomboka amin'ny olona ka hatramin'ny biby fiompy. Hontanterahiko ny didim-pitsarana hamelezana ny andriamanitry ny Ejyptianina rehetra. Izaho no Tompo fa ho anareo kosa ny rà dia ho famantarana ny trano izay itoeranareo, koa raha mahita ny rà aho, dia handalo fotsiny, ka ny areti-mandringana dia tsy hahazo anareo rehefa mamely an'Ejypta Aho. Hotsarovana hatrany hatrany io andro io, ka hotandremanareo amin'ny fety manetriketrika ho fankalazana Ahy Tompo, ho lalàna raikitra ho anareo izany" (Eks.12.12-14) (DIEM)

Fandalovan'Andriamanitra hamono ny lahimatoan'ny Egyptiana rehetra, na olona na biby, fa fanafahana ny vahoaka Isiraely no Paska.

Mifanojo amin'ny fotoanan'ny Paska Jiosy ny Paska Kristiana satria Zoma mialoha ny Paska Jiosy no andro nahafatesan'i Jesoa teo amin'ny hazofijaliana. Tamin'ny taona 30AD ny faha-14 ny volana nisana raha araka ny Filazantsaran'i Jaona ny nahafatesan'ny Tompo. Jaona mpanao batisa raha nahita an'i Jesoa dia niteny hoe : « *Indro ny zanak'ondrin'Andriamanitra. Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao* » (Jao.1.29). Anterin'i Paoly Apostoly izany ka ambarany fa voavono Kristy Paska ho antsika » (1Kor.5.7)

tohiny p.2

## HEVITRA FONOSIN'NY SAMPANDROFIA

Ny Sampandrofia dia tena fanehoan' ny Tompo ny maha Andriamanitra Azy.

Farafahakeliny dia ireto no hafatra azo ampitaina raha ny perikopa Lio.19 : 29- 44 no jerena:

* Manaiky an'i Jesoa avokoa ny mino Azy. Na ny Mpianatra Roa (2) lahy izay voahiraka, na ny Mpianatra folo (10) lahy izay nijanona niandry azy ireo. Na ny tompon'ny zanaboriky sy ny mponina, eny na ny zanaboriky izay tsy nalain'ny olona tsy fantany aza nanaiky nohon'ny amin'ny Tompo. Ny teny fanalahidy dia hoe ; «Misy raharaha hanalan'ny Tompo azy ».

* Manome voninahitra ny Tompo izay mino Azy. Ny zanaboriky sy ny vahoaka dia samy nanome voninahitra an'ny Tompo avokoa. Ary nanome izay sarobidy teny aminy dia ny lamba mba hitsahin'ny Tompo.

* Mamaha fatoran'ny olona ny Tompo. Endriky ny famahana fatorana ny namahana ny zanaboriky sy ny fifalian'ny olona nanome voninahitra.

* Mahafantatra ny hoavy hiseho rehetra ny Tompo. Asehon'ny Tompo fa Izy no mifehy ny fiainana ety ambany masoandro rehetra na ny fotoana na ny tantara, sns. Efa lazainy mialoha ny zavatra hiseho rehetra, fa ny mpianatra dia mpanatanteraka fiainana.

* Mampialona ny lohandohan'ny Mpisorona ny maha Mpanjaka an'i Jesoa. Ny Fariseho dia niteny tamin'ny Tompo mba handraràny ny vahoaka tsy hanome, hiantsoantso.

* Nampitomany an'i Tompo ny fiakarany tao Jerosalema. Tsy fantatry ny Mponina ilay tena mpamonjy azy dia ilay Jesoa efa mitaingina zanaboriky miakatra ny tanàna.

*ABDINAGO Fanantenana Antra, Mpitandrina Tale FFP Foibe FJKM*

### HITANAO ATO

FIKAMBANANA MPIARA-MAMAKY BAIBOLY MALAGASY ( FMMB) FENO 55 TAONA (1971-2026) — pejy faha-2

SYNODAMPARITANY IARIVO AVARADRANO (SPIA 19): HANATANTERAKA NY ISAN-KERINTAONANY NY VOLANA MEY IZAO — pejy faha-3

FJKM AMBATOMENA — NANDRAY NY FIVORIAM-BAVAKY NY PACWA (PAN AFRICAN CHRISTIANS WOMEN ALLIANCE – FIOMBONAN'NY VEHIVAVY KRISTIANA ATY AFRIKA) — pejy faha-4

**MIJORO HO VAVOLOMBELONA**

« Izao amin'ny mpianany fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy »
(Matio 28:7)

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA MAVOLOMBELONA
ALAKAMISY 02 APRILY 2026
Laharana -1014

**NY HAFATRA ENTIN'NY PASKA** tohin'ny p.1

*Ny fisian'ny rà teo amin'ny tolanambaravaran'ny tranon'ny zanak'Isiraely no tsy nandringanan'Andriamanitra azy ireo, ary noho ny ran'i Jesoa Kristy latsaka teo amin'ny hazofijaliana no handraisantsika ny fanavotana noho ny fahotantsika. Ny Paska dia tonga andro lehibe hatsiarovana ny fandresen'i Jesoa Kristy ny fahafatesana tamin'ny nitsanganany tamin'ny maty mba hananan'izay rehetra mino Azy ny fiainana mandrakizay.

**II-Paska fandalovan'Andriamanitra nanafaka ny olona tamin'ny tahotra**

Ny Filazantsara efatra synoptika dia mampiseho fa hazon'ny tahotra ireo mpanara-dia ny Tompo. Vao mangirandratsy dia lasa ireo vehivavy hizaha ny fasana nilevenan'ny Tompo satria matahotra izy ireo sao hisy mpahita ka ho voasakana tsy hahavita ny adidy nokasaina hatao tamin'ny fatin'i Jesoa.

Natahotra ny mpanakora fa resy ny Tompo narahana. Natahotra noho ny fahakelezan'ny hery sy tanjaka hananana ka velon'eritreritra hoe: Iza no hanakodia ny vato? Ireo tahotra ireo nameno ny mpanaradia ny Tompo ireo dia mampiseho ny karazan-tahotra mpahazo antsika olombelona eo amin'ny fiainana. Mampitebiteby ny olona na zavamandinika indrindra ka hatramin'ny lalina indrindra.

Fantatr'i Jesoa izany ka hoy Izy: "Dia aza manahy hianareo ka manao hoe: Inona no hohaninay? Na Inona no hosotroinay? Na Inona no hotafianay? (Mat.6.31)

Fa raha hatambatra ireo karazan-tahotra ireo izay mahazo antsika olombelona dia tsy inona fa ny tahotra ny "Fahafatesana" . Velona ny fanontaniana hoe: nahoana no misy ny fahafatesana? Inona ny hevitry ny fahafatesana? Inona no aorian'ny fahafatesana?

Ny Paska no mamaly ireo fanontaniana samihafa ireo. Ny Tenin'Andriamanitra dia manambara fa ny Paska nitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty dia fandresen'Andriamanitra. Nandresy ny ota Andriamanitra satria ny fahafatesana no tambin'ny ota ka tsy ny fahafatesana intsony no tompon'ny teny farany ho an'ny mino fa ny "fiainana" izany no ambaran'i Jesoa raha miteny Izy hoe;"Izaho no fananganana ny maty sy fiainana, izay mino Ahy na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay" (Jao.11.25 – 26)

Ny Paska, izay ahatsiarovana ny nitsanganan'ny Tompo tamin'ny maty no fototra iorenan'ny finoana Kristiana araka ny tenin'i Paoly Apostoly hoe:"Raha tsy nitsangana tamin'ny maty tokoa Kristy dia foana ny toriteninay ary foana koa ny finoanareo" (1Kor.15.14).

**Fehiny:**

Fandalovan'Andriamanitra mitondra fanafahana ny Paska. Fandalovan'Andriamanitra manafaka amin'ny tahotra amin'ny endriny rehetra.

Amin'izao vanim-potoana, kihondalana lalovan'ny firenentsika izao, izay hikendrena fanavaozana sy fihavaozana amin'ny lafim-piainana rehetra; ny Paska izay famerenan'Andriamanitra amintsika ny "endriny" izay simba noho ny ota dia aoka horaisintsika an-tanana amin'izay ny tantaran'ny firenentsika miaraka amin'Andriamanitra velona tsy mandalo intsony fa mitoetra eo afovoantsika, ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

*Philibert RAMAMONJISOA, Mpitandrina*

**FIKAMBANANA MPIARA-MAMAKY BAIBOLY MALAGASY**

# FENO 55 taona (1971-2026)

Manamarika ny faha-55 taona niorenany sy niasany teto Madagasikara ny Fikambanana Mpiara-Mamaky ny Baiboly (FMMB), amin'ity taona 2026 ity. 55



taona niasana tamin'ny fanabeazana sy fananganana olona tamin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra, niarahana niasa tamin'ny fiangonana sy sekoly ary ireo mpiara-miombon'antoka manerana ny Nosy.

**NY TENY FANEVAN'NY FANKALAZANA:** «*Andriamanitra mihitsy no manomana antsika ho amin'izany fanovana izany, ka nanome antsika ny Fanahiny ho antoky ny soa natokany ho antsika*», 2 Korontiana 5:5 (DIEM).

**NY TANJONA:** Mizara 3 mazava tsara ny tanjon' izao taom-pankalazana izao: 1. Fotoam-piderana an'Andriamanitra, satria tena fety tokoa ny taon-jobily; 2. Fotoana hiverenana amin'ny tena antompisiana mba handroso amin' ny tenin'Andriamanitra; 3. Fotoana hanangananana ny mpikambana hitory sy hanao mpianatra.

**IRAY AMIN'IREO IRAKA** tontosain'ny FMMB ny: Mampirisika ny olona rehetra hamaky, handinika ary hiaina ny Tenin'Andriamanitra isan'andro, ho fanorenana olona sy firenena.

**FANDAHARAM-POTOANA MAHAKASIKA NY FANKALAZANA:**

Tontosa ny 01 Martsa tamin'ny 2 ora tolakandro ny Fanokafana ofisialy tao amin'ny FJKM Katedraly Analakely

• **IVONY** ny 18 Jolay, fotoana hankasitrahana ireo mpamaky lay sy mpiasa an-tsitrapo ary hikarakara Sakafom-piraisana iarahana amin'ireo rehetra nandalo sy nahita soa tao amin'ny FMMB.

• **Ny 31 Desambra ny FAMARANANA**, amin'ny alalan'ny fiarahana manao veloma ny taona (Réveillon) sy manolotra izany amin'Andriamanitra.

Ankoatra izany dia hisy hetsika samihafa mandritra ny taona manerana an'i Madagasikara, ao anatin' izany ny famelabelaran-kevitra (Conférences) sy seminera ho an'ny ankizy, tanora, vehivavy, lehilahy, mpivady ary ankohonana. Ao koa ny Fiofanana ho an'ny mpanabe, mpitory ny Filazantsara, mpanentana sy mpikarakara lasy, hay tarika, mpiandraikitra ary aumôniers, sy ny Fampirantiana momba ny Baiboly sy ny tontolony.

**TSANGAMBATON'NY FAHA-55 TAONAN'NY FMMB** malagasy: ny hanangana Complexe Sportif ahitana: Kianja fanaovana -baolina, fanaovana basket, pétanque, ho an'ny volley amoron-dtanomasina Kianja synthétique, Toeram-pilomanosana, ...Io tetikasa io dia mitarika fananganana asa fanompoana vaovao eo anivon'ny FMMB, dia Asa fitoriana sy fanabeazana ary fanofanana amin'ny alalan'ny lalao sy fanatanjahantena. Tanjona ny hanatratra sy hanabe ny tanora amin'ny fomba manakaiky azy ireo, amin'ny fampifandraisana ny fanatanjahantena sy ny soatoavina ara-panahy.

Ny FMMB dia mino fa ny fanabeazana ara-panahy sy ara-toetra dia anisan'ny fanorenana firenena matanjaka.

*Fifandraisana*:
Téléphone: 034.20.809.92 ; Email: flambeaullb@gmail.com
Adresse: FMMB – Escalier RANAVALONA 1er
Antaninarenina

*Nangonin'i Mamy Danieline*




Camille RAFALIMANANA, Filohan'ny FMMB

> ## Siokam-boronkely
> ***«Ilaina ny mandalo fotoan-tsarotra eo amin'ny fiainana, amin'izay no ahafantaranao ny tena fianakavianao sy ny tena namanao ary izay tena tia anao»***
>
> *Ev'Art*

**MISIONERA VOLONTERA MIZARA FIAINANA**

# NY MARINA

**Iza no marina ?**

Iza no sahy milaza ny tenany ho marina ? Ny marina tsy ho azonao raha tsy miara-miaina amin' Andriamanitra. Ary raha miara-miaina amin' Andriamanitra dia tokony hiray làlana aminy.

**Miray làlana**

Izany dia miray nofy, miray teny, miray asa Amin' Andriamanitra, izany no miray làlana Aminy. Ka ny fikarohana siantifika dia anisan'ny fidirana lalina amin'ny fandalinana, koa noho izany dia vavaka ireny, rehefa mifanaraka amin'ny lalina indrindra araka ny fisainan' Andriamanitra. Ka avela hiteny Andriamanitra, raha ohatra ianao miteny hoe: "mitenena Andriamanitra fa mihaino ny mpanomponao !"

Inona no dikan' izany? miraisa amin' Andriamanitra amin' ny lalina indrindra ao anatinao; tsy zavatra safosafo izany.

**Toa omaly tsy miova**

Andriamanitra no miteny aminao ary miasa ao aminao rehefa miantso Azy ao amin' ny lalina ianao. Tena maminy tokoa izany, tena mavesa-danja Aminy ny zavatra lazainy aminao. Ka raha ohatra aza ianao mihevitra fa toy ny omaly tsy miova io ataony aminao io, dia tsarovy fa mavesa-danja Aminy io ka averimberiny foana mandra-pahatanterak' izany.

Toy izany koa isika olombelona. Rehefa misy zavatra mamintsika dia averimberina foana izany, satria lalimpaka ao anatintsika ao.

**Mitenena foana**

Misaora an' Andriamanitra rehefa mbola afaka miteny ka tsy manampim- bava anao ny olona dia afaka mizara ianao. Rehefa avela miteny sy mizara ny antson' Andriamanitra ianao dia mamela Azy hiteny, ary miteny ny marina ianao amin' izany. Tsy sitrapon' olombelona izany fa sitrapon' Andriamanitra sy nofinofiny ka tenenina sy tanterahana. Amen.

*Voahangy ANDRIAMPARANY*

SYNODAMPARITANY IARIVO AVARADRANO (SPIA 19)

## Hanatanteraka ny Isan-kerintaonany ny volana Mey izao

*"Ny fanahy no mahavelona, ny nofo tsy mahasoa na inona na inona, ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana."* Jaona 6:63

Araky ny tapaky ny Komity lehibe Synodamparitany dia hanantanteraka "ISAN-KERINTAONA" ny Synodamparitany Iarivo Avaradrano (SPIA 19). Izany dia hotontosaina ny ALAHADY 10 MAY 2026 ao amin'ny COLISEUM ANTSONJOMBE.



Hanomboka amin'ny 7 ora sy sasany maraina ny fotoana.

Ny zanaky ny Synodamparitany Iarivo Avaradrano, ny Mpitandrina, ny Katekista Delege, ny Fiangonana manontolo, Vondron'Olona Mpiara-Mivavaka, ny Sekoly sy ny tompon'andraikitra rehetra ao aminy, ireo izay hasaina manokana no ho tonga hiara-hiombom-bavaka amin'izany.

Hisy asa sy fampaherezana, sora-dihy, fanompoam-pivavahana, fandraisana ny fanasan'ny Tompo, seho sehatra amin'io fotoana lehibe io.

Mankasitraka ny amin'ny fanaovantsika ho zava-dehibe izao ISAN-KERINTAONA izao ary samy hitrotro am-bavaka sy hiomana amin'ny fiatrehana izany isika mpianakavin'ny finoana rehetra.

*Ny Komitin'ny Isan-kerintaona, Prezida Synodaly*

SA-AFF SPAA11

## Nanatanteraka "TELETHON" teny amin'ny FJKM Ankadimbahoaka, ho tolo-tanana ho an'ny traboina vokatry ny rivodoza GEZANI

Hoy i Jesoa Kristy amintsika : *« Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia. »* (Jaona 13:35)

Tazonin'ny FJKM hatrany, ny maha Fiangonana manakaiky vahoaka azy, ka mifikitra amin'izany fotokevitra iombonana izany avokoa, ireo Sampana sy Sampanasa ary Asa eo anivon'ny sahan'ny FJKM.

Nisy noho izany ny hetsika tolo-tanana ho an'ny traboina, vokatry ny nandalovan'ny rivodoza Gezani, izay nokarakarain'ny Sa-AFF SPAA11 (Sampan'asa, Asa Fitoriana Filazantsara Synodamparitany Antananarivo Atsimo), notarihin'ny Filohany, RASOANAIVO Samoelina Mpitandrina, ka notanterahina tao amin'ny FJKM Ankadimbahoaka, nandritry ny roa andro nisesy, ny Zoma 20 Marsa sy ny Sabotsy 21 Marsa 2026.

Nitondra izay zakany araka izany ireo olona, manana ny fanahin'ny fahafoizana, ka nanatitra karazana fanampiana, toy ny vary sy voamaina ary akanjo sy kiraro niampy lelavola, sns.

Izay rehetra voaangona, tamin'izany hetsika niombonana izany, dia nalamina araka ny sokajiny avy, nialohan'ny nanaterina azy ireny any Toamasina, ny Alatsinainy 23 Marsa 2026, ho fitsimbinana sy ho fanampiana mivantana ireo traboina

*AimpitiavanA <SF>*



*Nandray sy nanasokajy ireo zavatra natolotr'ireo nanana ny fanahin'ny fahafoizana ny tomponandraikitra, ho fanangonana sy ho fandaminana azy ireny, mialohan'ny nandefasana azy*

FJKM TANJOMBATO MARITIORA (SPAA11)

## Nankalaza ny faha 25 taona nijoroan'ny SAFIF ao an-toerana

Teny faneva : « *Ary ny finoana dia notanterahina tamin'ny asa* » (Jakoba 2:22b)



*Natolotra ny Fiangonana ireo komitin'ny fankalazana, sady nentina am-bavaka hahatontosa ny tetikasa rehetra ho fankalazana ny faha 25 taonan'ny SAFIF Tanjombato*

Amin'ity taona 2026 ity, dia mankalaza ny jobily volafotsiny ny SAFIF FJKM Tanjombato Maritiora, izay misy ny Mpitandrina RAKOTOARIMANANA Ndriamanantena, ka manomana hetsika ho fankalazana izany vanim-potoana miavaka izany, ny komitin'ny fankalazana, tarihin'ny Filohany, RAKOTONDRANAIVO Albert, Mpiandry. Marihina fa ny tsangambato hapetraka, ho fahatsiarovana izany faha 25 taona nijoroana teo anivon'ny Fiangonana izany, dia ny ezaka fametrahana fitaovana, afaka mamaha ny olana amin'ny ankapobeny, misy ao am-piangonana, hahafahan'ny mpino tonga, miatrika fotoam-pivavahana, ho tony sy hilamina ary ho faly hatrany. Anisan'izany ny dabilio, ny "ventilateurs" handrindrana ny rivotra ao anaty trano fiangonana, ny jiro hampitombo ny hazavana ao anaty trano fiangonana, ny "sonorisation" hahazoana feo ampy ho an'ny kiho sy zoron-tranom-piangonana manontolo.

Marihina fa efa voafaritra ny fotoam-pankalazana, ka ny ivon'ny jobily dia hatao ny Alahady 25 Öktobra 2026 ary ny Alahady 28 Febroary 2027 kosa, no ho tanterahina ny famaranana ny fotoam-pankalazana ny jobily. Efa vita tamin'ny Alahady 15 Marsa 2026 kosa ny fanokafana ilay jobily volafotsy, araka ny fombam-piangonana, ka nanolorana ampahibemaso sy nandraisana tanana ary nitondrana am-bavaka ireo mpikambana ao anatin'ny komity.

Nandray anjara navitrika avokoa, tamin'ny fanokafana, ireo rantsamangaikan'ny SAFIF Tanjombato Maritiora, toy ny FEOMAFI (Feon'ny maritiora fifohazana), ny Gropy artistika sy teatra ary sarimihetsika ara-pilazantsara, niaraka tamin'ireo Mpiandry sy mpiomana ho mpiandry ary ny zanaky ny fifohazana.

Nisy ny asa sy fampaherezana tao anatin'ny fotoam-pivavahana fanokafana notontosaina ny maraina, niampy ny firedonan'ny mpikambana rehetra ny hira faneva, ary ny fivarotana anan-drano nafarana manokana avy tany Betafo-Antsirabe, taorian'ny fotoam-pivavahana.

Ny tolakandro, dia niara-nifaly nijery ny tarika Mialy RAKOTOMAMONJY ny rehetra. Ny Filoha mitantana ny SAFIF Tanjombato Maritiora, dia ny Mpiandry RAKOTOMANANTSOA Mbolatiana Tantely.

*HAROFOTIA <SF>*

Fanatanjahan-Tena sy Fampaherezam-Panahy

## Ho afa-panadinana

Tsy ho ela intsony ny fanadinam-panjakana BEPC sy BACC taranja EPS. Misy torohevitra 7 mahasoa ireto ho an'ny mpiadina:

1-Ovay amin'izay ny fatran'ny kotrana (changement de rythme, progression de l'intensité): ahenao ny travail d'endurance, fa hamafiso kosa ny travail de résistance. Ohatra: ny course de fond naharitra ora iray teo aloha dia ahenao tsikelikely ho 30 na 20 minitra, hamafiso tsikelikely araka izay koa ny hafainganam-pandeha. Ampitomboy kosa ny série amin'ny course de vitesse ka raha in-3 teo aloha dia ataovy in-6 izany. Tsy averina in-6 ny 100 metatra no dikan'izany fa hatreo amin'ny fahazoana ilay vitesse de croisière no tena ilaina.

2-Ataovy fotoana raikitra ny andro sy oran'ny kotrana hahamora folaka ny vatana fa tsy hoe isaky ny mazoto, tokony ho efa in-2 na in-3 isan-kerinandro izao.

3-Madehana maraina be mikotrana mba hanazarana ny vatana amin'ny hatsiaka, satria anaty ririnina ny fotoam-panadinana. Mahatsara ny performance koa izany.

4-Ataovy maivana ny kiraro ary ataovy amin'ny antonony ny akanjo fa tsy miboridandridana. Raha vao vita ny kotrana dia mampidira akanjo mafana avy hatrany hitandremana ny fo tsy hangatsiaka tampoka.

tohiny p.6

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
FJKM
MARTURIA VAVOLOMBELONA
ALAKAMISY 02 APRILY 2026
LAHARANA -1014

FJKM AMBATOMENA

## NANDRAY NY FIVORIAM-BAVAKY NY PACWA (Pan African Christians Women Alliance – Fiombonan'ny vehivavy kristiana Aty Afrika)

Fa voasoratra hoe : « *Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao,* » (Isaia 60:1a)



*Ireo mpikambana PACWA vondrona Antananarivo, tonga namonjy fotoam-pivavahana sy fiofanana*

Manana ny rantsamangaikany eto Madagasikara ny PACWA, ary Rtoa Yolande RAVELOARIMANANA no Filoha nasionaly mitarika izany fikambanana izany ankehitriny. Manana ny tarigetrany ny PACWA, dia ny fijoroana vavolombelon'i Jesoa Kristy, ka manetsika ny vehivavy, ho tia vavaka, hitory Filazantsara, ho fanaovana ho mpianatr'i Kristy ny vehivavy, ary hanana ny toerany ao an-tokantrano sy eo anivon'ny Fiangonana ary ny fiarahamonina sy ny firenena izy ireo. Misy noho izany, ny fampiofanana sy fampianarana hatrany omena ny mpikambana, ho fanatrarana ny tanjon'ny fikambanana.

Antokom-pinoana ny PACWA, izay niorina ny taona 1989 tany Nairôbi Kenya, ka tafiditra sy tafajoro teto Madagasikara ny taona 1990. Miara-miasa amin'ireo Fiangonana sy fikambanana ary vondrona eto an-toerana sy any ivelany, izay mitovy tarigetra aminy ny PACWA. Miara-miasa amin'ny lehilahy ny PACWA, ho fanatanterahana ny fikasan'Andriamanitra eo anivon'ny fiaraha-monina. Tanjona amin'izany: Vehivavy mivelona amin'ny tenin'Andriamanitra, ka mivelatra amin'ny lafiny rehetra, ho fampandrosoana ny fiaraha-monina manodidina azy.

Ao amin'ny FMMB (Fikambanan'ny mpiara-mamaky Baiboly) Tohatohabato Ranavalona I, Antaninarenina Antananarivo, no misy ny ivotoeran'ny PACWA eto Madagasikara, ary efa ahitana vondrona PACWA, mijoro ihany koa, any amin'ny Faritany enina eto amin'ny Nosy. Mitotaly eo amin'ny 400 isa eo ny isan'ny mpikambana PACWA eto Madagasikara.

Tsiahivina fa tao amin'ny akany FJKM Ambatomena no nanatanteraka fivoriam-bavaka ny mpikambana PACWA vondrona Antananarivo, ny Alatsinainy 23 Janoary 2026, ka taorian'ny fotoam-pivavahana dia niatrika fiofanana, araka ny lohahevitra, hoe : "Finoana velona, hita amin'ny asa sy ny fifandraisana amin'ny hafa", izy ireo, izay notanterahin'ny Rtoa Oly ANDRIANOEL, Mpiandraikitra Biblika ao amin'ny FMMB, sady Filoha PACWA teo aloha.

*ILAIMAZOTO <SF>*

VKMM (Vehivavy Kristiana Mpiara-Mivavaka eto Madagasikara.):

## Nanamarika ny Andro fiaraha-mivavaka eran-tany niaraka tamin'ny vehivavy kristiana nizeriana

Toy ny fanaony isan-taona dia nanamarika ny Andro Fiaraha-Mivavaka eran-tany ny VKMM na Vehivavy Kristiana Mpiara-Mivavaka eto Madagasikara. Isaky ny zoma voalohany amin'ny volana martsa no hananterahany izany miaraka Amin'ny vehivavy kristiana avy any Nigeria (Afrika). Andro roa no nanamarihana izany ho an ny VKMM eto Madagasikara ka ny alakamisy 5 martsa 2026 no fanombohana tao amin'ny EEM Santa Stefana Anatihazo Isotry. Lahateny roa




no nifampazarana tamin'izany: 1) " Ireo endriky ny herisetra iainan ny vehivavy sy ny lalana mifanaraka Amin'izany eto Madagasikara", izay nalahatr i Rtoa RAMANITRA Livanirina, avocat au barreau de Madagasca; 2) "Ny vehivavy modely ara-tSoratra Masina", nalahatr Atoa RANDRIAMANANJARA Philbert, Filohan ny Fiangonana METM. Ny zoma 6 martsa 2026 no nanarahana ny fandaharana niombonana izay nomanin'ny vehivavy kristiana tany Nizeria, izay naompana tamin ny voalazan'ny Matio 11/28-30 manao hoe :»Mankanesa aty Amiko, Izaho hanome fitsaharana». Tao Amin ny FJKM Analakely no nanatanterahana izany ka ny Filohan ny FFKM, Mgr RANARIVELO Samoela Jaona, no nitory ny Tenin'Andriamanitra. Ho fiombonana tamin'ireo vehivavy kristiana nizeriana, dia nanao ny fanamiana nizeriana ireo vehivavy kristiana malagasy ary nihira tamin' ny teny anglisy sy teny nizeriana ireo vehivavy miisa 500 teo ho eo. Tsy ny teto Antananarivo ihany no nanatanteraka izao androm-bavaka izao fa ny tany amin'ny faritra misy ny VKMM ihany koa. Marihana fa samy nanaovana rakitra manokana ireo vehivavy kristiana nizeriana ho fanohanana sy fanamaivanana ny vesatra iainany isan'andro ary koa ireo traboinan'ny rivodoza tany Toamasina.

*VALIHA Rahaingonjanahary, Filohan'ny VKMM*

ANTSA PASKA :

## Atolotry ny CHORALE ORIMBATO sy ny TRANOPRINTY FJKM

Manamarika ny faha 200 **(1826-2026)** taonany ny Trano Printy voalohany teto Madagasikara dia ny an'ny Fiangonana FJKM izany. LMS PRINTING HOUSE no anarana tamin'izany. Tonga voalohany teto amintsika ny 21 Novambra 1826 ny milina fanaovam-printy voalohany tao



Ambatonakanga nentin'i Charles HOVENDEN avy amin'ny London Missionary Society (LMS).

Izany fifamatoran'ny tantara amin'ny FJKM Tranovato Ambatonakanga izany no nipoiran'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Trano Printy FJKM Imarivolanitra tarihin'ny Tale Atoa RANDRIANARISOA Herimanitra sy ny Chorale ORIMBATO, izay hanolotra ny Antsa Paska milohateny hoe «MPANDRESY IZY, ARY IANAO ?».

Handrenesana Hira Paska nalaina tamin'ny Tiona protestanta FFPM izay isan'ny vokatry ny Tranoprinty FJKM. Nifarimbonana tamin'ny Trano Printy Loterana izany taty aoriana tamin'ny famoahana ny fihirana sy ny TIONA FFPM.

"Koa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika" Romana 8:37, Soratra Masina anankinana ity ANTSA PASKA ity izay ahitana fizarana roa miavaka. Ny fizaram-potoana voalohany no hameloman'ny Orimbato ireo hira FFPM, tsy dia fandre intsony amin'ny andro PASKA toy ny FFPM 92" RY VOASATRO-TSILO" (H.L Hassler), FFPM 137 "VITA IZAO NY FANDRESENA" (Samuel Randrianandraina)...Ny fizaram-potoana faharoa dia hanandratana ireo hira mitondra ho amin'ny fiainam-pandresena, amin'ny teny malagasy sy teny vahiny toy ny : "AMPIRAISO IZAHAY" (Andriantsoavina), sy ilay hira fantatry ny maro" O HAPPY DAY" (Edwin Hawkins) ...

Hisy boky kely fahatsiarovana izao fotoana miavaka izao ary koa flyers ho fampahafantarana ny Tranoprinty FJKM. ALAHADY 5 APRILY amin'ny 4ora hariva ao amin'ny FJKM Tranovato Ambatonakanga no hanatanterahana ity hetsika ara-pivavahana sy ara-kolontsaina ity izay tsy misy vidim-pidirana.

*Jacques Ramanamirija, Serasera Chorale Orimbato*

Seha-pikarohana

## Niara-nikaondoha ireo mpikaroka sy mpahay siansa amin'ny sehatra samihafa

Niara-nikaondoha nandritra ny telo andro tetsy amin'ny Colisée Ampasanimalo nanomboka ny alarobia 25 ary nifarana ny zoma 27 Martsa teo ireo mpikaroka sy mpahay siansa avy amin'ny sehatra samihafa. Nodinihina nandritra izany ny lohahevitra hoe: «Fisaintsainana momba ny Fanamafisana ireo Singa Mpanohana ny Fanorenana indray ny Repoblika Malagasy». Tsapa fa lasa mihen-danja ny fikarohana eto Madagasikara noho ny antony maro samihafa nefa tokony hanana anjara toerana lehibe eo amin'ny fampandrosoana ny firenena. Napetraka araka izany ny tanjona ka niadiana hevitra nandritra io 3 andro io ny hahafahana mampiroborobo sy manatsara ny kalitaon'ny fikarohana eto Madagasikara ireto mpahay sy mpikaroka ireto. Nifarimbona tao anatin'izay arak'izany ny teo anivon'ny École Doctorale Interépistémique eo anivon'ny Oniversity FJKM Ravelojaona sy ny teo anivon'ny Ministeran'ny fampianarana ambony sy fikarohana ara-tsiansa. Nanatrika izany ny Filoha mpanampy Birao Foibe FJKM, Atoa Maholy RAKOTONAVALONA, Mpitandrina. Ny Rektoran'ny OniFRa, ny Rév. Dr. Zo RATSIMANDISA, ny Tale Jeneralin'ny Fikarohana Siantifika (Mesupres), ny Profesora RATSIMBASOA Claude Arsène, ary koa ny ekipa dokotera notarihin'ny Talen'ny Ecole Doctorale ny Rév. Laurent RAMAMBASON. Andrasana aorian'ity fikaonandoha ity izay fehinkevitra nivoitra entina hanatsarana ny fikarohana eto amintsika.

*Tojo Randriamandresy*

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA AVOLOMBELONA
FJKM



FJKM AMBONDRONA FIRAISANA

# 10 taona ny niaraha-niàsa tamin'ny Mpitandrina

## RANDRIANANDRAINA Marka Fety

Ny 26 Janoary 2016 no nandraisana azy tao amin'ny FJKM AMBONDRONA FIRAISANA. Zavatra 3 lehibe no azo ambara ny amin'ny fiaraha-miasan'ny Fiangonana FJKM AMBONDRONA FIRAISANA sy ny Mpitandrina RANDRIANANDRAINA Marka Fety mianakavy.

**Fitoriana ny Filazantsara anatiny :**

Fampianarana sy fampiofanana samihafa (ny Loholona sy ny Diakona, ny Sampana rehetra, ny Sampan'Asa AFF, ary ireo Vaomiera isan-karazany), manoro hevitra azy ireo mikasika ny Tafika Masina.

Ankoatra ireo izy dia mampianatra ny Fiangonana sy ny Katekomena ny hira ao amin'ny Fihirana FFPM izay tsy mahazatra no sady tsy hay.

Mavitrika mandrakariva izy amin'ny asa pastoraly (famangiana tokantrano, amin'ny fahoriana,...).

Ny fananganana Vaomiera isan-karazany (arapanahy, serasera, fitaovana sy fananana, fiahiana ny fiainan'ny Mpitandrina, ara-tsosialy), ary niaraniàsa tamin'ireo izy.

Eo ihany koa ny fametrahana ny antsoina hoe VOVONANA, izay sehatra natao hampianarana (lafiny ara-bola,...), sy fampahafantarana (momba ny FJKM: foto-pinoana, rafitra,...).

**Fitoriana Filazantsara ivelany:**

Toy ny Fitoriana Filazantsara eny amin'ny tohatohabaton'Ambondrona isan-taona amin'ny fankalazana ny Krismasy; fampianarana mamaky teny sy manoratra ary fananganana fiangonana FJKM tany Soalara, St Augustin Toliara; Fitoriana Filazantsara sy famangiana isan-taona ny Akany Avoko, fitaizana ankizy mania sy tsy ampy taona eny Faravohitra sy Ambohidratrimo; Fitoriana Filazantsara sy famangiana isan-taona ny Akany fitaizana zaza kamboty sy sahirana eny Tangaina ; Fanampiana ireo Fiangonana sahirana vitsivitsy misy eo amin'ny SPIA nefa misy ihany avy amin'ny SP hafa.



**Fanatanterahana Fotodrafitr'asa:**

Asa lehibe maro no vita tao anatin'izay 10 taona izay: Nitarika ny fanamboarana fiangonana vaovao izy ka niroso tamin'ny fandravana tanteraka ny fototra. Nanampy sy nanoro hevitra ny K.T.T. (Komitin'ny Tao-Trano) tamin'ny fanamboarana tafo, fitaratra varavarankely, tilikambo, alitara, ny carreaux. Marihina fa efa nisy fitokanana tamin'ny ampahany ny zavabita ny Jolay 2025. Mbola mitohy ny asa ankehitriny ary eo am-pamitana ny ao amin'ny rihana ambony ny fiangonana izao. Nanatsara ny tranon'ny Sakristiana sy ny trano vadim-piangonana ka nasiana fiovana ny endriky ny rihana voalohany ary lasa nisy terrasse any amin'ny farany ambony. Marihina fa ny Mpitandrina mianakavy no niantoka ny fanatsarana ny Terrasse ho môderina kokoa.

Nisongadina ny vokatra azo tao anatin'izay fiaraha-miàsa izay araka ny fanoloran-tenan'ny Kristiana amin'ny Asan'ny Tompo: Fampitaovana ny Fiangonana (fitaovam-pihinanana sy vilany isan-karazany, latabatra Masina sy ny Salon eny amin'ny Alitara, mofo sy divay ary ny mpanao voninkazo isak'Alahady, fitondrana sono sy ny kojakoja ny amin'izany avy any an-tranony ho ampiasaina aty am-piangonana hanampiana ireo efa misy ao amin'ny Fiangonana ; fitaovampandraisana raitra ho an'ny Fanasan'ny Tompo; fitaovam-panadiovana ny tranon'Andriamanitra; lamba latabatra manaraka ny lokon'ny Zioga nataon'ny Loholona sy Diakona isan-toby.

*Ny Komity*

Tantara foronina

Nosoratan'i E.R. RANDRIAMAMONJY

# VAINAFO EO AN-DOHA

Lasa eritreritra mafy ny Tale Ramarohavana momba izay mba lalan-kivoahana tsy hifaningotsingotra, tsy hiankin-doha amin'ity Fanambin-dRabezanahary T.J. mianaka ity. Nanjary tsy nahita tory. Nanjary tsy hita matetika ao am-piasana. Mahita hiri-draharaha maika hidinana any amoron-tsiraka na any andafy. Na ho ela na ho haingana tsy maintsy mitady lalana hahaleovantena. Amin'ny fomba ahoana?

Fa tsy misy miafina izay tsy ho hita!

**8 NY RAY SY NY ZANAKA**

Efa tsindrian-daona be ihany ny rain'i Hotiavina ao ambony rihana ao. Nisy nilaza taminy fa tonga ny zanany. Hafaliana tsy omby tratra ny azy mivady. Tsaroany ho nisinda ho azy, tsy nilam-panafana ny gaotran*'Ingahirainy sy ny rohany*. (gaotra = aretina mampanaintaina any amin'ny vanin-taolana : ankihibe tongotra, ets; rohana = mangotsoka any amin'ny vanintaolana, rhumatisme). Nisava ny aretin'andoha, nidina ho azy moramora ny tosidra avo be, toa tsy nilana iretsy pilina mifanisa amin'ny rantsantanana, nasain' ny dokotera atelina indroa isan'andro, mandra-pahafaty. "Raha vao ajanona ireo, hoy ny mpahalala sy mpampiasa ireny fanafody mampihemotra ny fahafatesana ireny, dia izay no izy"!

Rehefa vita ny fitiliana ny tosidran-dRamatoa ka teo am-pizahana an-dRangahy indrindra ilay dokotera mpanara-maso ny fahasalaman'izy mivady no tafakatra i Hotiavina. Voatery niandry tany an-dakozia aloha.

-Soa fa tonga ianao! Efa natahotra ny fihomboan'ny aretin-drainao izahay teto, hoy ny reniny nanatona azy.

- Manao ahoana i Neny! Fa nanao ahoana i Dada ao izao?

-Tsy manaiky hihinan-kanina! Tsy mahita tory! Ity reninao sady manambitamby no mibedy no mitomany. Mimenomenona, tsy antoandro, tsy alina aho eto : "Sao tsy hahatratra an-drainy ity Hotiavina!"

Tsy andrin'i Hotiavina izay hivoahan'ny dokotera koa naleony nisisika hanatrika ny fizahana sy hihaino mivantana izay lazainy. Niditra izy mianaka.

-Hotiavina! Ela loatra ianao! hoy ity reniny teo antokonana.

-Ise ve izany, ry Hotiavina ? hoy ny rainy mandre ny resak'izy mianaka.

-Ie! Manao ahoana ianao, Dokotera? Manao ahoana ny fahitanao an'i Dada ?

-Mahazo mandeha ianao, Dokotera, hoy Ingahibe. Sitrana aho! Sitrana aho rehefa tonga ny zanako! Tsy ho faty aho. Veloma ianao.

-Ha!Ha!... hoy ilay mpitsabo. Izay! Tonga soa ny fanafody. Mahazo mandeha aho izany! Veloma, tompoko!

*(hitohy)*

# Ny Andia-mpihira Serafima

Ny "andia-mpihira Serafima" dia niorina tamin'ny Aprily 1961. Izany hoe efa 65 taona amin'izao taona diavintsika izao.

Ny antom-pisiany dia hitory ny tenin'Andriamanitra sampan'asa izy ary efa maro ny fiarahamiasa efa natao tao anatin'izay 65 taona nijoroana izay ary tao ihany koa ny fiaraha-miasa tamin'ny AFIFAB Foibe izay mbola mitohy hatramin'izao.




...in'ny Mpitandrina Fety tao anaty 10 taona. Anisan'izany: Ny taona 2021 dia nifanampy tamin'ny fanaovana ny arrangement sy ny play-back ny hira « Vonona aho » izay natao tamin'ny fankalazana ny faha-20 taona naha Mpitandrina azy; ny fanohanany tamin'ny fotoana nankalazana ny Jobily faha-60 taona ny Andia-Mpihira Serafima; Ny taona 2021 ihany koa no nanaovana ny seho 3D izay nentina nankalazana ny faha 160 taona niorenan'ny Fiangonana izay i Pasteur no vy nahitana io seho io; Ny fampidirana ny Serafima ho ao amin'ny AFIFAB sy Radio Fahazavana ka rehefa misy hetsika karakaraina dia izahay no solontenan'ny Fitandremana amin'ny asa atao; Ny fanirahan'ny Mpitandrina hitory any ivelan'ny fiangonana amin'ny maha Choral an'ny Fitandremana, anisan'izany ny farany teo izay natao tany amin'ny FJKM Ambatofotsy Gara ny volana Septambra 2025; Ny fanaovana ny arrangement sy ny play-back ny hira faneva ny fankalazana ny 10/25 RMF « O Asandrato », izay marihina fa Pasitera Marka ihany no namorona ny tonony sy ny feony ary manomboka hain'ny fiangonana izany.

Raha misy te hifandray na fiaraha-miasa tokony hatao dia afaka miantso ny laharana 0324986039.

Ny teny faneva ny Andia-Mpihira SERAFIMA, dia ny hoe: «DIA MIFALY NY FOKO, KA NY HIRAKO NO HIDERAKO AZY.» Salamo.28: 7b

*Ny Birao*

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA VAVOLOMBELONA
ALAKAMISY 02 APRILY 2026
LAHARANA -1014

*Ambany maso tsy hita*

Mahatratra 3 811 miliara Ar ny vola very amin'ny kitapom-bolam-panjakana, araka ny tatitry ny fitsarana momba ny kaonty, taona 2025, tamin'ny fitantanana 2021-2025, teny Anosy, tamin'ny 19 marsa lasa teo. Fitantanana tsy mangarahara no antony, gaboraraka, tsy ara-dalàna, tsy misy fanaraha-maso, tsy mazava, ataon'olom-bitsy ampihimamba, mifanindran-dalana... Na eo amin'ny fitantanam-bola izany, na fitaovana, na olona. Ambany maso tsy hita? Mampahantra vahoaka.
Samy manao ny ataony dia tsy mifampiteny? Na miray tsikombakomba, na mifampiaro...
Aiza ho aiza ny hoe fanovana na fanavaozana amin'izany? Mila fanorenana ifotony ny rafitra, ny lalàna, ny fomba fiasa... Mila fanapahan-kevitra koa, fahavononana, fahasahiana, firaisankina, faharetana... Tena fanovana no atao, fa tsy hipetra-potsiny amin'izao ireo ho very tombontsoa. Mihevitra na heverina ho tsimatimanota, zatra ny lalan-dririnina...
Zava-dehibe ny fanovana, fa tsy tokony hatao ambanin-javatra na ambin-javatra ny fanenjehana ny mpanao ratsy, araka ny lalàna amin'ny fitsarana. Ny fandikan-dalàna saika toa vitavita sy tsy hitahita ho azy no anisan'ny mampitombo sy mampihombo ny fanaovan-dratsy. Mba tsy hirahiraina fotsiny ny hoe fitondrana tsara tantana sy fanjakana tan-dalàna. Tsy misy olona ambonin'ny lalàna.
Hatraiza izay fampiharan-dalàna ho an'ny rehetra izay? Eo indrindra izao... Mba tsy ny madinika ihany no enjehina fa ny trondro vaventy koa. Mila ny avahina mazava ny hoe mpanao politika migadra sy ny gadra politika. Saika izay hatrany no fialokalofan'ny mpanao politika. Fanaovana politika koa no iadiana tombontsoa ao anaty fanjakana. Mba hisy amin'izay ny tena fanovana na fanavaozana? Ho hita eo... Ambany maso tsy hita ny olondratsy fanetribe ao anaty fanjakana?

*Landimaso Mahiratra*

FANDALINANA/ TOE-KARENA

## Ny fiangonana miatrika ny fiovan'ny toetr'andro (2)

Ny loza ara-boajanahary rehetra dia miteraka loza lehibe ho an'ny tena manokana sy fijalian'ny olombelona rehetra. Ahoana no ahafahan'ny Fiangonana mamaly ireo filana ireo? Ny Fiangonana tsirairay dia tokony hanampy ireo izay mijaly - amin'ny fomba rehetra. Ao amin'ny Asan'ny Apôstôly, ny fiangonan'i Antiokia tany ampiandohana dia nanome modely tsara harahina: rehefa nisy mosary tany Jodia, ny mpino tsirairay tany Antiokia... dia samy nanapa-kevitra ny hanolotra fanampiana ho an'ny rahalahiny any Jodia, araka izay fahaizany avy. Any amin'ny firenena sasany, ny Fiangonana dia apetraka tsara indrindra mba hanome fanampiana mahomby raha misy loza: mety ho eo an-toerana izy ireo ary noho izany dia afaka mihetsika avy hatrany any amin'ireo faritra voakasika. Amin'ny ankapobeny dia azo itokisana ny mpitarika azy ireo ary afaka mamantatra ireo tena sahirana eo amin'ny fiaraha-monina misy azy. Aorian'ny asa famonjena dia manome fanohanana mitohy ny Fiangonana amin'ny fanaraha-maso: tonga sy mandeha ny fikambanana fanampiana fa mijanona ny Fiangonana eo an-toerana.
Ny zavatra ataon'ny Fiangonana amin'ny vonjy taitra dia mety ho vavolombelona mahery vaika amin'ny mponina manodidina. Rehefa ampiharina amin'ny ezaka fanampiana ny filazantsara, dia maro no hitodika amin'ny finoana kristiana. Na izany aza anefa dia tsy maintsy maneho fahamalinana lehibe ny antokon'ny kristiana amin'izao toe-javatra izao satria tena mora tokoa ny mamporisika ireo izay azo antsoina hoe "kristiana vary", ireo izay mihevitra fa raha mitonona ho Kristiana izy dia hahazo fanampiana bebe kokoa sy hanina bebe kokoa. Tsy tokony hotoriana amin'ny mpihaino babon'ny filazantsara raha mbola milahatra, ohatra, izy ireo mba hahazoana fanampiana any amin'ny hopitaly misionera na miandry fanampiana ara-tsakafo. Irin'Andriamanitra ny mpianatra izay manatona Azy ho an-tsitrapo. Ny Fiangonana dia tompon'andraikitra ara-tsosialy amin'ny fanampiana ireo sahirana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy. (mbola hitohy)

*RAKOTOARIVONY Alphonse Marcellino*

*Edenan-dRabozaka*

## Hobio izay mandresy

* Mbola hain'ny olona ankehitriny ve ry Leanaka ny mampihatra ny tenin'ny Ntaolo hoe: Ny mahery, ny mandresy tsy hobiana moa ny resy tsy hakoraina. Sa ahoana?
# Tsy hay faritana izany amiko ry 'Datoa a. Raha mpanao fanatanjahantena no atrehana ka indro fa nandresy, mahery Ireo naman'ny tena sy tohanana dia tsy baikoina intsony hoe arahabao na HOBIO fa toa mandeha ho azy. Toy izany koa
eo amin'ny fifidianana matetika.
* Ary amin'ny fotoana inona no manakora izay efa resy ianareo?
# Izaho manokana aloha tsy mbola nanakora izay resy na tsy nahomby izany e. Mampiady sy mampifanolana io.
* Ary amin'izao fotoanan'ny fanjakan'ny Malagasy ho amin'ny fanavaozana izao, indro, mijoro ny governemanta, aminao mpandresy ve Ireo voafidy Ireo ka mendrika hobiana, sa ahoana? Ary ny efa teo fa tsy noraisina intsony, resy ve ka tokony hakoraina ?
# Mampalahelo ry 'Datoa fa misy olona sahy manakora an'ireo tokoa...Eh, saina tsy mitovy e.
* Izao no tiako ambara ry Leanaka amin'ity hoe hobiana, arahabaina izay mpandresy ity, henoy tsara azafady.
# Ento ary ny teninao ry 'Datoa. Sa toriteny satria fotoanan'ny Paska manko izao ka i Jesoa Kristy no malaza, tsara hobiana satria Mpandresy. Na dia resy teo amin'ny hazo fijaliana aza, maty dia indro fa nitsangana, nandresy ny fasana sy ny fahafatesana.
* Marina mihitsy ny anao. 'Zay 'lay tena izy fa hafa kely no tiako hanehoana azy. Hafatra ho an'ireo Ministra voafidy ireo ka heverintsika hoe Mpandresy tokony hobiana...Ohatra ho anareo Mpitandro filaminana, toa mandray vola amin'ny mpamily sy ny mpitondra toaka gasy dia mandefa azy ? sns...
# Ny mpiandraikitra tontolo iainana, Jereo fa miharipaka ny ala, manao risoriso ny VOI, ny zandary, ny ben' ny Tanàna, ny lehiben'ny ala...
* 'Zay tanisao ry Leanaka. Ny harena an-kibon'ny tany, be dia be zao ny volamena, ny vatosoa, ahoana ny hifehezana azy, ny fitrandrahana, ny famarotana, ny fanondranana...Tena malaza be ny risoriso ao. Maro no lasa manankarena tampoka tsy an-drariny... Eisy e.
# Ny ao amin'ny Jono an-dranomasina ao koa ry 'Datoa a.
* Eny ho aho, ny ao amin'ny Fitsarana ao, tsy ilaozan-draharaha maloto. Ka izao e, raha tiana hobiana fa Mpandresy ianareo ry MINISTRA SY NY MPITONDRA HO AMIN'NY FANAVAOZANA , aoka hadio ny ministeranareo sy ny olonareo. Reseo ny kolikoly sy risoriso....Fa raha mbola eo izany dia tsy Mpandresy izany ianareo...fa RESY... ka dia ho sahin'ny olona ny hanakora anareo... Ho afa-baraka, ho tratry ny ampamoaka. Mba hoe Mpandresy tokony hobiana k' hay resin'ny fahalovana ....Babon'ny tsy rariny sy ny fitiavam-boninahitra sy fahefana...AZA MISY ANIE IZANY ...

*AnRIRA YDA*

Governemantan'ny fanavaozana

## Andrasana ny vokatra haingana sy mivaingana

Roa volana no nomen'ny ny filohan'ny Fanavaozana, ny kolonely Randrianirina Michaël ny governemanta voalohany, ny 28 oktobra 2025, hoe hanaovana tombana. Efa-bolana taty aoriana vao noravana ny governemanta, ny 9 marsa. Ny 15 marsa no voatendry ny Praiminisitra vaovao, Rajaonarison Mamitiana Jeannot Ruffin. Hanao ahoana? Nambarany tamin'ny famindram-



pahefana, ny 16 marsa, fa minisitra "choc choc" no hotendrena. Andrasana vokatra haingana na eo no ho eo izany, fa tsy hoe miasa fotsiny. Tsy vitan'izany, nambaran'ny filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika teny Anosy, ny 19 marsa, fa hanaovana fitsilovana lainga na fitaka amin'ny alalan'ny fitaovana "polygraphe" mpanao izany manokana, araka ny fihetsika amam-pihetseham-pon'izay tiliana, izay ho minisitra. Mihintsana avy hatrany izay miiba, fa izay miabo ihany no hifampidinihan'izy sy ny Praiminisitra araka izay toerana homena azy.
Ho tsara fantina izay ho minisitra? Indrindra ny vokatra takina sy andrasana... Tena hisy ny fanovana na fanavaozana? Indrindra ny sosialim-bahoaka... Izay no fototry ny nahatongavan'ny fitondrana fanavaozana. Misy ireo asa tsy iandrasana fikaonandoham-pirenena: ny famatsian-jiro sy rano, ny vidim-piainana, ny fandriampahalemana, ny famoronana asa... Aiza ho aiza? Efa tsy tohinina izao ny vahoaka, mora mihetsika, mampiaka-peo... Ny mpianatry ny CEG iray teto Antananarivo, ohatra, nidina teny amin'ny 13 mey, ny tapaky ny volana marsa: nitaky ny fanalana ny taleny noho ny tsy rariny. Latsa-paka any ifotony ny mihetsika raha vao misy tsy zaka na maharary? Any an-tampony ny raharaha amin'izayitarainana na ny fitakiana fialana...
Mila fitandremana izay lazaina sy atao. Tsy hianjerana lava amin'ny korontana, na hoe fanakorontanana izay rehetra manao fitakiana: atao izay lazaina, lazaina izay atao. Ialana ny kobaka am-bava tsy manatanteraka, indrindra ny manao zavatra tsy maka ny hevitr'izay voakasiky ny atao. Fianarana nentin'ny hoe fanavaozana izay? Asa haingana sy mivaingana... Sao sasatry ny miarina?

*L. M.*

Fanatanjahan-Tena sy Fampaherezam-Panahy

## Ho afa-panadinana tohin'ny p.3

5-Miezaha misotro rano betsaka nefa sotroy tsikelikely hanonerana ny rano very amin'ny hatsembohana, ary misotroa rano ara-potoana ny tontolo andro. Ho fahasalaman'ny vatana sy ny atidoha izany.
6-Mitandrema amin'ny sakafo, ny voankazo sy legioma no tena mety indrindra amin'ny kotrana, aleo kelikely tsaratsara toy izay mahavoky nefa tsy mitondra otrikaina. Fadio ny zava-mahadomelina sy ny zavapisotro misy etona ary ny sakafo feno singa simika fa manimba taova.
7-Fidio ny namana iarahana mikotrana. Aleo namana tokana na vitsy mifantoka amin'izay atao toy izay namana maro nefa hihanihany sy hanala azy fotsiny. Tsarovy ny tanjona dia ny ho afa-panadinana sady ho salama sy tomady.

Farany, ento am-bavaka isan'andro ny zavatra rehetra fa avy amin'ny Tompo ny fitahiana rehetra.

*Niry Rakoto*

ALAKAMISY 02 APRILY 2026
LAHARANA -1014
«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA VAVOLOMBELONA


### LALAO HAFATRA FAHA- 420.

Ny hafatra ho anao anio dia mikasika ny fandinihan-tena araka izay voalazan' ny Soratra Masina. Koa alamino ny teny ao anaty fonon-teny dia anohizo ny isan'an- dalana.
- ANDRIAMANITRA O (fantaro / diniho / fantaro / Izahao / foko / aho / ny / ny / / ary / aho / toetra / eritreritro /
- HOY ELIHO (mamantatra / tsara / rariny / hodinihintsika / hiara- / izay / ary / aoka / izay / isika / no).
- HOY PAOLY ( finoana / tsia / diniho / na / mitoetra / tenanareo / ianareo / na / ny / amin'ny)

### LALAO TENY MIDINA AN TOHATRA FAHA- 420.

Miainga amin'ny teny hoe DINIHO ianao anio dia midina ARY miafara amin'ny hoe TENAKO. Tsarovy fa misy litera roa mifanandrify isan'an-dalana no miova araka ny valiny takiana eo anila.

**D I N I H O**

1- fototry ny fandinihana
2- an ahy ny siny
3- an'ahy ny sary
4- An' azy ny sary
5- Taloha elabe
6- Fotony
7- Olona naterany
8- Marary
9- Tsy matevina
10- Manodina familiana
11- Tiako, ankafiziko
12- Ahy ny tany

**T E N A KO**

| | D | I | N | I | H | O |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1- | | | | | | |
| 2- | | | | | | |
| 3- | | | | | | |
| 4- | | | | | | |
| 5- | | | | | | |
| 6- | | | | | | |
| 7- | | | | | | |
| 8- | | | | | | |
| 9- | | | | | | |
| 10- | | | | | | |
| 11- | | | | | | |
| 12- | | | | | | |
| | T | E | N | A | K | O |

### LALAO LITERA MITENY FAHA- 420

Ny teny iray mitsivalana eo amin'ny hazo fijaliana dia toy ny hoe : MIHEVERA. SAINO TSARA. Ny mitsangana kosa dia efa Ireo nomena Ireo ny valiny saingy mbola mikorontana ara-peo sy fanononana ka alamino.
MITSANGANA :

1. MPIMPAHOSE
2. SAONAFINAY
3. NAMPANJAKA
4 .MANDRAKONA
5. KADIDININI
6. VINDEMPANA
7. RIAMPIDINY
8. ALALOHENY
9. RARAHIHINY

| | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | | | | | |
| 5 | | | | | | | | | |
| 6 | | | | | | | | | |
| 7 | | | | | | | | | |
| 8 | | | | | | | | | |
| 9 | | | | | | | | | |
| 10 | | | | | | | | ■ | |

## HAFATRA MAHASOA ANIO:

1-Raiso ny Tenin'Andriamanitra
2-Venteso ny hira fiderana
3-Araraoty ny andro azo hanaovan-tsoa
4-Mankalazà an'Andriamanitra
5-Misaora an'Andriamanitra
6-Tiavo tsara ny ankohonana
7-Ataovy ny asan'Andriamanitra
8-Aza manahy na inona na inona
9-Mifankazara amin'ny TSITOHA
10-Banjino ny lanitra

## FAMAKAFAKANA: Maneho hatrany ny Tenany amin'ny olombelona ny Mpahary izao rehetra izao

Hoy i Jesoa Kristy aminao : « Raha tsy manao ny asan'ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy. Fa raha manao ihany kosa Aho, na dia tsy mino Ahy aza ianareo, dia minoa ny asa, mba ho fantatrareo sy hekenareo fa ny Ray no ato amiko, ary Izaho ao amin'ny Ray. » (Jaona 10:37-38)



*Mitory ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy ny kristiana ho fijoroany vavolombelona amin'ny finoany*

Marina sy masina i Jesoa Kristy sady Tompon'ny fiainana sy fiadanana mandrakizay (Jaona 14:6). Amin'ny maha fitiavana Azy, dia tsy manao barofo na tery setra amin'ny olombelona tsirairay Izy, mba hino Azy sy hisafidy Azy ho Tompo sy Mpamonjy eo amin'ny fiainana (Jaona 3:16).

Nabaribarin'i Jesoa Kristy tamin'ny olombelona manontolo nanodidina Azy, fony Izy hita maso sady azo tsapain-tanana, niriaria teto an-tany, namita ny iraky ny Rainy, fa tena niasa tahaka an'i Jehovah Rainy Izy, araka ny tenin'i Jesoa hoe: « Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny, ary Izaho koa miasa. » (Jaona 5:17).

Asan'Andriamanitra no nanirahan'i Jehovah an'i Jesoa Kristy Zanany, nidina tety an-tany, tonga nofo, izay nitory ampahibemaso ny fitiavana sy ny fanjakan'ny lanitra, tamin'ny toerana maro noteteziny, toy ny tanàna sy Synagoga, niampy famonjena nivantana, ireo olona maro nanatona Azy, izay tratry ny fahasahiranana sy olana, tahaka ny aretina isan-karazany nahazo ny olona sy ny fangejan'ny fanahy ratsy (Matio 9:35).

Porofo nivantana, tamin'ny alalan'ny teny sy ny asa hatrany no naseho sy natolotr'i Jesoa Kristy, izay nahita Azy sy nifanerasera taminy ary niara-belona taminy, ho fandresen-dahatra sy ho fisarihany am-pitiavana ny sain'ny rehetra, hino Azy Tompo sy Mpamonjy (Jaona 14:1; 10:38).

**Ho fandinihan-tena :**

Moa ve hatramin'izay, dia tena voarainao marina ireo tenin'i Jesoa Kristy henonao, ka iainanao ho mariky ny finoanao Azy?

Raha eny, dia fantaro fa ianao ilay olona lazaina hoe, tafita eo amin'ny fiainana, feno ny fiadanan'i Jesoa Kristy, satria ianao mahalala an'i Jesoa Kristy, ka tia sy manaja Azy amin'ny alalan'ny fankatoavanao ny teniny. Tsarovy fa ankohonan'Andriamanitra Fitiavana ianao, ka tiany iantranoana. Hoy i Jesoa Kristy : « Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy; Ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izahay ka honina ao aminy. » (Jaona 14:23)

Raha tsia, dia mieritrereta fa ny tanan'i devoly rain'ny lainga (Jaona 8:44), no efa nisokatra hitsena, ta-handray sy hamihina anao, satria tsy mino ianao ka tsy miaina ny tenin'i Jesoa Kristy. Noho izany, mora sodokan'ilay ratsy mpanangoly. Hoy i Jesoa Kristy aminao: « Ny fahotana, satria tsy mino Ahy izy; » (Jaona 16:9)

Tadidio anefa, fa Jesoa Kristy no mpamela heloka sy mpanadio fahotana ary mpamafa ny ratsy vita, satria efa nalatsany teo amin'ny hazofijaliana ny rày, ho famonjeny izay mino Azy. Koa raiso i Jesoa Kristy ho fiainana, araka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe : « Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery, ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, » (Jaona 1:12). Soli Deo Gloria.

*IMANOELA*

### *Isika Malagasy*

Ny hevitry ny maro, mahataka-davitra; ny hevitry ny irery, manodidina ny fatana. Ny hevitra tsy azo tsy amin'olombelona. Zava-dehibe ary ilaina mandrakariva ny maka hevitra amin'ny hafa. Ny itsitokotokoan'ny loha, samy manana ny heviny. Aleo manontanitany foana hihomehezana toy izay manaotao foana hotezerana. Ny monina amoron'ala, mahita ny mahitsy hokapaina; ny monina amoron-drano, mahita ny marivo hirobohana. Ny ela nihetezana lava volo. Antitra mampiady kalo: ny antitra, antitra ihany.

Araka izany, aleo maka hevitra amin' izay mahalala sy azo antoka fa tsy manoro vohona. Tsy misy ray aman-dreny manolo-bato mafana ny zanany, ohatra. Fa ny soa atao mahatarika. Na izany aza, ilaina ny mandinika, fa tsy mihinana amim-bolony. Ndrao mandady amin'ny hazo tsy fantatra, na mihinan-kena tsy fantatra anarana. Raha ny marina rehetra tsy filaza avokoa, tsy izay voalaza rehetra dia marina. Tsy ary ho volamena izay rehetra mamirapiratra.

*R. Rm.*

> « fa fantatsika fa ny toetsika taloha dia niaraka nohomboana taminy hanimbana ny tenan'ny ota, mba tsy hanompoantsika ny ota intsony. Ary raha niara-maty tamin'i Kristy isika, dia mino fa hiara-belona aminy koa isika; »
> (Romana 6:6,8)

*VALIN'NY LALAO HAFATRA FAHA - 419*
- HOY JEHOVAH( Satria Izaho no niraiketan'ny fitiavany dia hamonjy azy Aho)
- HIANTSO AHY( izy dia hamaly azy Aho, ho eo aminy Aho, raha ory izy)
- ARY KOA( Hovokisako fahela- velona Izy, ary hasehoko azy ny famonjeko ) ...

*VALIN'NY LALAO TENY MIDINA AN TOHATRA FAHA - 419.*
MANOVA. manala.- manofa - manefy. - kanety - sarety- manety- gazety- gazela- mamela- mamefy-. Mahery - mahefa- MAMAFA.

*VALIN'NY LALAO LITERA MITENY FAHA - 419.*
Ny TENY iray mitsivalana : FAHEFANAO.
Ny mitsangana: 1.AHAFAHANA 2. HARATSIANY 3.ALEHANAREO 4.FAHENDRENAO 5.MPIFANASOA 6.TAFAJANONA 7.ITONDRANAY 8.MIPARITAKA 9.FANOLORANA

## Anjaran'ny ankizy indray izao!

Efa ela izay nitadiavantsika bokikely malagasy misy sary holokoina izay:
Mandoko ireo sary? Vitany irery izany!
Raha eo i Zoky hanampy azy? Ho hainy tsianjery ny Salamo 23!
Raha eo ny olon-dehibe hilaza aminy? Hitombo ny fahalalany an'Andriamanitra Ray!
ANDAO HANDOKO àry e!



SEFALA FOIBE FJKM (Sekoly Fanomanana Laika)

## Nanatanteraka fihaonambe narahana fiofanana tao amin'ny FJKM Ankadimbahoaka SPAA11

**Fa hoy Jesoa Kristy :** *« Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, »* (Mat.28: 19a)



*Ny Tale nasionaly SEFALA mitory ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy, sady nampiofana niaraka tamin'ny Filoha Sa-AFF SPAA11*

Iray amin'ireo sekoly teolojika FJKM mikolo sy manabe ary manefy ara-tSoratra Masina ny laika maniry izany, ny SEFALA. Hita eny anivon'ny Synodamparitany rehetra eny ny SEFALA. Eny amin'ny Trano Ifanomezantsoa Analakely, rihana fahaenina, FOIBE FJKM ny Foibe toeran'ny SEFALA. Ny Tale nasionaly, TRIMOZAFY Solomon, Mpitandrina, izay mankalaza ny faha 25 taona maha Mpitandrina azy amin'ity taona 2026 ity, no mitantana ny SEFALA manerana ny sahan'ny FJKM.

Mankalaza ny faha 30 taonany ihany koa ny SEFALA, amin'ity taona 2026 ity, ka misy noho izany ny hetsika karakarain'ny Mpitantana ny SEFALA FOIBE, ho fanatanterahana ilay tetikasa fanomezana karatra biômetrika, ireo rehetra nahavita fianarana tao amin'ny SEFALA, toy ny Mpitoriteny sy ny Katekista (Ny Mpiandry dia efa noraisin'ny SAFIF anjara andraikitra ny fanomezana azy ireo ny karatra biômetrika).

Ny andiany voalohany hisitraka ilay karatra biômetrika, amin'ny volana Mey 2026 izao, dia ireo mahafeno ny fepetra isam-pitandremana, toy ny antontan-taratasy fanadihadiana (Fiche des renseignements), saran'ny fanamboarana ny karatra biômetrika 8 000 Ar isaky ny karatra iray, ary mahatonga izany eny amin'ny FOIBE SEFALA trano Ifanomezantsoa Analakely, rihana faha enina, raha tara indrindra ny Talata 31 Marsa 2026.

Marihina fa hampidirina ao amin'ny SEFALA ihany koa ny SAMM (Sekoly Alahady manomana Mpampianatra), izay misahana ny fanabeazana Soratra Masina, amin'ny alalan'ny Sekoly amin'ny andro Alahady, ireo madiniky ny Tompo.

Nisy ny fotoam-pivavahana niombonan'ireo mpianatra nahavita SEFALA, natao teny amin'ny FJKM Ankadimbahoaka SPAA11, ka nanambarana ampahibemaso voalohany, ilay karatra biômetrika, ho Tsangambaton'ny faha 30 taonan'ny SEFALA, ary homena ireo rehetra nahavita ny fianarany tao amin'ny SEFALA, mahafeno fepetra.

Nitarika ny fotoam-pivavahana tamin'izany, ny Mpitambolan'ny SEFALA Foibe, RAKOTOARIMALALA, Mpiandry. Nanambara ny hafatr'Andriamanitra ny Tale nasionaly SEFALA, TRIMOZAFY Solomon, Mpitandrina, sady nanolotra Tsodrano. Taorian'ny fotoam-pivavahana, dia nisy ny fiofanana roa sosona nomena ireo Sefalista, ka ny Tale nasionaly SEFALA, sy ny Filohan'ny Sa-AFF SPAA11, izay Biraon'ny Sa-AFF FOIBE, RASOANAIVO Andrianantenaina Samoelina, Mpitandrina, no niara-nanatanteraka izany.

Tamin'io Sabotsy 28 Febroary 2026, nihaonan'ireo nahavita fianarana SEFALA tao amin'ny FJKM Ankadimbahoaka io, dia nisy ihany koa, ny fanangonana tolo-tanana, ho an'ireo traboina vokatry ny nandalovan'ny rivodoza Gezani, ho fanampiana ireo tra-pahavoazana tamin'izany.

*FaingatananA "SF,,*

FJKM Antanety Fitahiana

## Antoko Mpihira ASAFA : feno 67 taona

Tontosa ny Alahady 22 Martsa 2026 tontolo andro ny fiderana sy fisaorana an'Andriamanitra noho ny faha 67 taonan'ny Antoko Mpihira ASAFA, tetsy amin'ny FJKM Antanety Fitahiana Ambohimanarina.

Nisy fidirana roa ny fotoam-pivavahana izay notarihan-dRtoa RAMAMBASOA Rojo Lalaina Mpitandrina eo an-toerana. Nitondra ny



hafatr'Andriamanitra kosa Atoa RAJAONARISON Sterno E. Mpitandrina. Niainga tao amin'ny Salamo 51 : 10 ny hafatra nentiny. Nampitainy tamin'izany fa aorian'ny fandinihan-tena dia ilaina ny fibebahana sy fifikirana amin'Andriamanitra, izany no mitarika mankany amin'ny fanavaozana ny fanahy ao anaty.

Ny tolakandro dia nisy ny Antsampanahy lehibe, natolotr"ity Antoko Mpihira ASAFA ity ho an'ny mpino izay tonga maro nanotrona. Nampiavaka ny laha-kira natao tamin'izany ireo hira notsongaina avy any amin'ny faritra samihafa eto amin'ny Nosy. Hira tamin'ny fitenim-paritra avokoa araka izany no nandrafitra ity fitoriana an-kira ity.

Ho an'ny Antoko Mpihira ASAFA , misy hatrany ny fanamarihana ny tsingerin-taona toy izao isan-taona. Fantatra nandritra ny tatitra ara-moraly nataon'ity Antoko mpihira ity fa maro ireo asa fitoriana ny Filazantsara vita nandritra ny herintaona lasa, na teo amin'ny faritr'Ambohimanarina sy Antehiroka izany, na tany amin'ny faritra ivelan'Antananarivo. Tsy vitsy koa anefa no mbola miandry mandritra izao taom-pihirana 2026 izao. Miezaka manatontosa ireo fanasana azy mba hitory ny tenin'Andriamanitra hatrany izy ireo.

Teny faneva ho an'ny Antoko Mpihira ASAFA moa ny Sal.146:2a "Hidera an'i Jehovah aho raha mbola miaina koa".

*HERY RATOVO*

BOOTCAMP Andiany voalohany: **Tratra ny tanjona**

Nosokafana tamin'ny fombam-piangonana ny 27 Martsa 2026 teo ny andiany voalohany tamin'ny fampiofanana momban'ny fananganana



tetikasa sy fananganana orinasa nokarakarain'ny Departemantan'ny fananana, fampamokarana sy fampandrosoana ary sosialy eo anivon'ny Foibe FJKM izay naharitra telo andro. Tonga nanome voninahitra ny fotoana teny an-toerana ny Mpanolotsaina Birao Mpiandraikitra Foibe, Atoa RADIMISAON Andriamasinjara Jonah. Teo ihany koa ireo Mpiandraikitra Foibe, ny Sekretera Jeneralin'ny FJKM, Dr RAKOTONINDRAINY Jaona, Mpitandrina, ny Tonian'ny Departemantan'ny Fiangonana, RANDRIAMISAINA Landison Triomphe.

Nokendrena tamin'izy ity ny hanomezan'ny fiangonana tantsoroka hoan'ny mpiara-belona sy ireo mangetaheta hananganana orinasa. Tratra ny tanjona raha hoan'ity andiany voalohany ity satria tafakatra 203 ireo nandray anjara raha toa ka 100 no nandrasana. Tsapa fa maro ireo mangetaheta fahalalana sy torolalana momban'ny fandraharahana. Raha ny fanazavan'ny tompon'andraikitra, isany tafiditra anatin'ny vinan'ny FJKM izao hetsika izao ary fanamafisana izany. Tetsy ankilan'izay, niandrandra vokatra tsara ireo mpandray anjara nandritra iny fampiofanana iny.

*Tojo Randriamandresy*

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA MAVOLOMBELONA
Adiresy :
IMMEUBLE IFANOMEZANTSOA Analakely
Tohatohabato Ranavalona I - Foibe FJKM
BP. 623 - 101 - Antananarivo
Tél. 034 17 460 53
e-mail : commfjkm@moov.mg
Website : www.fjkm.mg
BNI-AG Centrale
Cpte N° 01 025879 4 020 0 61
Intitulé : «Fifandraisana FJKM»
Talen'ny Famoahana :
RAKOTONINDRAINY Jaona, Mpitandrina
Tonian'ny Fanoratana :
RAVELOARISON Philémon
e-mail: philemon.raveloarison@gmail.com
IMPRIMERIE DE LA RN 7 -Aprily 2026
*Isan'ny natonta : 1 600 ex*